## Ny Valosoa sy hadihady

# Governemanta : mbola hitsapatsapa ireo tanora sy vehivavy ministra voatendry

Azo lazaina ho be tanora sy be vehivavy, ireo no azo amehezana ny firafitry ny governemanta nasiam-panovana, tamin'ny alarobia lasa teo. Misongadina ny fahamaroan'ny minisitra tanora izay voatendry, tanora toy ny filoham-pirenena. Tsy lavina ny fahatsarana mety haterak'izany. Ny tanora dia mazàna tena ao anatin'ny heriny sy ny fahaizany ary raha ireto voatendry dia inoana fa andiany voalohany tamin'ireo "be atidoha" izay nanaovana antso avo vao tsy ela akory izay. Raha izany no jerena dia tsy voatery ho iray antoko na iray firehana ireo voaantso, fa toy ny mpitady asa rehetra ihany, misy tombontsoa eritreretiny ao dia roboka izy. Mampieritreritra ihany anefa izany fanaovana antso izany, herintaona aty aorian'ny nandraisan'ny filoha ny fitondrana. Angaha tsy efa manana ny olony sy ny ekipany ny mpitondra raha vao mandray ny fahefana ? Raha handray ohatra tsotra isika dia hoe talen'ny sekoly anankiray manokatra sekoly ngezabe. Manao dokam-barotra be mipoapoaka, nefa koa dia manisy soratra eo am-baravaran'ny sekoly hoe : mandray mpianatra vaovao ary mitady mpampianatra tanora, be diplaoma. Hay vao hitady mpampianatra fa tsy manana ekipa sy olona efa vonona akory! Azo inoana avy hatrany fa tena tsy manana traikefa ny maro amin'ireo tanora hanoina ny antso fa eo vao hanandranandrana.

Tsy lavina fa mahery fo ny tanora, mavitrika, saingy tsy azo lavina koa fa be rendrarendra sy tia tsapatsapa araka ny nambara teo. Porofon'izany ny minisitera notantanan'ny minisitra tanora maromaro tamin'ny governemanta teo aloha. Mikorontana ny minisitera satria tsy to teny ny minisitra tanora sasany. Entin'ny hatanorana dia misavoamboana fotsiny amin'ny diplaoma eny aminy fa tsy manana ilay toe-tsaina mahay mitondra sy mahay mampiray ny olona entiny. Araka ny nambara koa dia be vehivavy ny minisitra tamin'izao governemanta vaovao izao.Tsara izany ho fanatanterahana ny miralenta. Saingy tsy lavina koa ny zava-nisy akaiky indrindra toy izay nitranga tao amin'ny minisiteran'ny fanabeazana. Samy vehivavy ny minisitra sy ny tompon'andraikitra voalohany tamin'ny minisitera, samy be diplaoma, samy tanora, samy hafa firehana politika anefa, ka dia korontana ambony ambany no nisy tao ary izao niafara tamin'ny fionganan'ny minisitra izao. Tena tsy azo hamaivanina koa fa dia tena be problema matetika ny minisitera tantanan'ny vehivavy. Misy mantsy ny vehivavy tia manao "halako bika tsy tiako tarehy" ary mandroaka avy hatrany ireo sahy manakiana azy na manilikilika ny hafa tsy mitovy firehana aminy. Tena hita izany teo aloha.

Ny fanontaniana dia hoe tena hiainga marina amin'izay ve ny lamasinina TGV ? tena ho maila-pamindra ve sa ho sasatra ny hiady amin'ny vahoaka noho ny tsy fahaizana mitondra olona sy ny fanaovana didin'ny be sandry fa tsy miera, tsy maka fankatoavana amin'izay rehetra hatao ? Hisy ve ny tena fiaraha-mifanohana amin'ireo karazana be atidoha notsongaina tetsy sy teroa sa dia samy hanao ny saim-pantany tahaka ny ganagana misasa izy ireo ? hiova famindra ve ny filoha mpitarika, ka tsy ho lany andro misavoana sy mieboebo etsy sy eroa intsony, fa tena ny tombontosan'ny maro an'isa no hojereny ? Raha izao zava-misy izao mantsy no mitohy dia hampihorin-koditra satria rehefa ho tapitra ny efa-taona dia hatahorana ho lasan'ny vahiny ny antsasany amin'ny tany sy ny harem-pirenena eto Madagasikara satria maim-bola ny mpitondra eto amintsika, ka raha vao misy fofompofom-bola, na avy aiza na avy aiza, na maloto sy mantsina aza, dia raisiny fa tsy hainy ny manadihady sy mifantina, fa tonga dia jamba avy hatrany izy ireo !

***Ny Valosoa***

Ambohitrimanjaka"

## Santa-bary lehibe anio, vokatra ny vary

Tsara ny vokatra vary aloha tamin'ity taona ity eny Ambohitrimanjaka sy ny manodidina, noho izay antony izay, ho tanterahana anio eny an-toerana ny santa-bary lehibe, fotoana ihany koa izany ifampiarahaban'ny mponina sy ireo tantsaha mpamboly amin'iny faritra iny, tratry ny Asaramanitra. Na dia efa miditra ny volana faharoa amin'ity taona ity aza isika androany voalohan'ny volana febroary, dia mbola ao anatin'ny fifampiarahabana sy ny firariantsoa noho ny taona vaovao ny eto amintsika hatramin'izao. Zava-dehibe ho an'ny mponina eny Ambohitrimanjaka sy ny manodidina tokoa ny tanimbary, satria ny vary aloha vokatra izao araka ny nambaran'ireo tantsaha eny an-toerana dia efa vary mahavita taona, mbola ho avy koa anefa atsy ho atsy ny vary vakiambiaty, ka amin'ny ankapobeny, manana ny amby ampy izy ireo raha izay resaka fototsakafon'ny Malagasy izay no resahana, ka ankoatra ny hohanina mahavita ny ankohonana sy ny fianakaviana mandritra ny taona dia mbola ho afaka koa izy ireo hivarotra ny ambim-bava. Ho sarotra arak'izany, na tsy ho tanteraka mihitsy ny fikasan'ny fitondrana hanototra ny tanimbarin'Ambohitrimanjaka, hanaovana ny tetikasa Tanamasoandro, ary tsy hilefitra ny amin'izany rahateo ireo mponina eny an-toerana. Iankinan'ny fiainan'izy ireo manontolo ny tanimbary: mamokatra vary, ahitana trondro betsaka, manome sakafo ho an'ny biby fiompy isan-karazany,… Noho izany, tsy haharesy lahatra azy ireo velively ny fitondrana, eny fa na hilaza ho eny aza ny Filoha Rajoelina, efa fantatra ny hevitr'ireo mponina sy tantsaha eny, tsy azo totofana ny tanimbarin'Ambohitrimanjaka sy ny manodidina, any an-kafa hoy izy ireo mitady toeran-kafa hanaovana izany tetikasan'ny Filohampirenena izany. Amin'ny 10 ora maraina anio no hanomboka ny santabary sy ny fifampiarahabana eny amin'ny Fefiloha Nosivita, hanasan'izy ireo ny rehetra.

***Isambilo***



MPIKATROKA TIM TOLIARA

## Nahazo karatra ireo mpikatroka niatrika ny fihaonamben'ny RMDM

Nandray anjara mavitrika tamin'ny fihaonamben'ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara (RMDM) ny herinandro lasa teo, ireo mpikatroka avy amin' ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) avy any Toliara. Tamin'izao fandalovan'izy ireo teto an-drenivohitra izao, nahazo ny karatry ny maha-mpikambana TIM azy izy ireo, mpikambana rahateo amin'ny RMDM koa izy ireo, amin'ny maha ao anatin'ny RMDM ny antoko natsangan'ny filoha Marc Ravalomnana. Efa vita soa amantsara tokoa ankehitriny ny karatra maha-mpikambana ho an'ny mpikatroka rehetra manerana ny Nosy. Natao izao mba hamantarana ny tena mpikambana marina sy ialana amin'ny fiovaovana antoko, na ilay antsoina hoe mivadika palitao. Isaorana ny Filoha Marc Ravalomanana hoy ireto mpikatroka TIM ireto nanome karatra azy ireo. Ho an'izay maniry hahazo ity karatra maha-mpikambana ity dia afaka manatona ny tomponandraikitra akaiky azy.




*Karatra maha-mpikambana amin'ny antoko TIM avy any Toliara.*

***Isambilo***

Seces nasionaly

## Mitaky vahaolana anatin'ny fotoana fohy amin'ny mpitondra fanjakana

Mitaky ny famoahana haingana ny valin'ny fangatahana fitazonana amperin'asa ireo mpampianatra mpikaroka efa misotro ronono «maintien en activité», ny fanatanterahana ny «Reclassement», ny fandoavana ny tambinkarama «Indemnité de recherche et d'investigation», taom-pianarana 2016 sy ny taom-pianarana 2018, ho an'ny mpampianatra mpikaroka efa misotro ronono. Ireo no ampahany amin'ny fitakiana nataon'ny mpikambana ao amin' ny Seces nasionaly, nandritra ny filankevi-pirenena tsy ara-potoana notanterahina teny amin'ny Oniversite Antananarivo tamin'ity herinandro ity. Ankoatra izay, takian'ny Seces nasionaly ihany koa ny fandoavan' ny fitondrana ny tambimbola «Geste de bonne volonté», sy ny fanaovantsonia momba ny vary mangatsiakan'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra, nifanarahana niaraka tamin'ny Lehiben'ny Governemanta ny 15 Aprily 2019 lasa teo, izay namafisin'ny tolo-kevitrin'ny Minisitry ny toe-karena sy ny vola ny 12 Septambra 2019 lasa teo. Takian'ny Seces nasionaly ny fijerena akaiky ny zava-misy momba ny fetr'ora azo ambara mandritra ny taona mikasika ny ora fanampiny «Heure complementaire», ny fanavaozana ny sata mifehy ny mpampianatra mpikaroka sy ny mpikaroka mpampianatra ary toy izany koa ireo Oniversite, ireo foibem-pikarohana nasionaly, IST, CNTEMAD, INSCAE. Vonona mandrakariva ny Seces amin' ny fifampidinihina mahakasika ny fandoavana ireo trosa « Rappel » miaraka amin'ny fitondrampanjakana, mila dinihina hoy ireto farany ny volavolana didy ho fampiharana ny «Ecole Doctoral» ; ny «Habilitation à diriger des recherches» ary ny fanajana ny «Offres de recherches», sy ny famaritana ny antokon-draharaham-panjakana. Manainga ny Minisitry ny fampianarana ambony vaovao izay voatendry eo hiara-hifampidinika amin'ny Seces mahakasika ny fanatontosana sy ny famaranana ny taompianarana 2018-2019 ary hiara-hahita vahaolana azo tsapain-tanana manoloana ny fitakian'ny Mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra.

***Franck Razakambelo***

TONONKALO

## Mihazakazaka ho gisitra

Mikoropaka tanteraka ny mpitondra ankehitriny,
Ka miteti-dravitoto noho ny tsindrin'ny vahiny.
Tena dodona aok'izany, maika ny ho lohalisitra
Saingy indrisy, saingy indrisy, sasatra ny miady gisitra!

Ny natomboka, tsy efa, ny etsy indray ikoropahana.
Tsisy zavatra mandroso, fa dia faly ny mibahana.
Hita taratra eny foana ny hakevohany sy ny hambony,
Saingy indrisy, saingy indrisy, miady lava ny ho rambony!

Re fa hoe tsy mila ampiana sy tsy mila tolo-tanana.
(Te hiavaka eny foana sady te hiseho no manana !)
Eny! Manana tokoa fa saingy zatra zara vilana,
Ka tsy miomana hivoatra, hanarina ny mitongilana !

Ny imatesany isan'andro dia ny hiditra any am-bavany,
Ny hampatavy ny ankohonany, hampamiratra ny havany.
Fa ny zava-mahatsara, mahasoa ny ambanilanitra
Dia tsy zava-mahamaika an-dry zareo miseho maranitra !

Eny mihazakazaka izy, saingy miherikeri-dava.
(Tena karikary maso f'efa zatra ny mandrava.)
Be no efa tsy matoky sy efa toa mihisitrisitra,
Raha mitazana azy ireo, mihazakazaka ho gisitra !

***DADAN'i ZINA (29-01-20)***